Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

NY TENA TOE-PANAHY ARAKA AN'ANDRIAMANITRA.
La piété authentique.

Fiarahabana
Faly miarahaba antsika amin'ny Anaran'ny Tompo tafahaona indray amin'izao fotoam-bavaka izao amin'ity Alakamisy 20 aogositra 2020 ity. Ho amintsika anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy Jesoa Kristy Tompo. Amena.

Hira chorale

Vavaka

Fanolorana :

NY TENA TOE-PANAHY ARAKA AN'ANDRIAMANITRA. ***La piété authentique.***

Hira : 465 :1 Ry Jeso ô, ry Jeso.

Vakiteny 1. Matio 6.1-4
Tandremo mba tsy hanao ny asan' ny fahamarinanareo eo imason' ny olona hahitany izany; fa raha tsy izany, dia tsy manana valim-pitia amin' ny Rainareo Izay any an-danitra hianareo. Koa amin' izany, raha manao fiantrana hianao, aza mba mitsoka trompetra eo alohanao tahaka ny fanaon' ny mpihatsaravelatsihy eo amin' ny synagoga sy eny an-dàlambe mba hankalazan' ny olona azy. Lazaiko aminareo marina tokoa fa efa azony ny valim-pitiany. Fa hianao kosa, raha manao fiantrana, dia aoka tsy ho fantatry ny tananao ankavia izay ataon' ny tananao ankavanana, mba hatao ao amin' ny mangingina ny fiantranao; ary ny Rainao, Izay mahita ao amin' ny mangingina, no hamaly anao.

Hira 480 :1 Mamin'ny foko ry Jeso ô !

Vavaka
- Mifona ho an'ny tena ny amin'ny fisehosehoana ara-pivavahana sy fanompoana rehetra ka nanakona ny voninahitr'Andriamanitra fa nampitombo laza sy voninahitra ny tena kosa.
- Mifona koa ny amin'ny tsy nanaovana na nahavitana asa soa sy fiantrana fa nihirim-belona (*fermer son cœur*).
- Mangataka mba homen'ny Tompo zotom-po ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana ary n y Fiangonana hanao asa soa sy fiantrana.

Vakiteny 2. Matio 6.5-8

Ary raha mivavaka hianareo, aza mba ho tahaka ny mpihatsaravelatsihy; Fa izy tia ny mivavaka mitsangana eo amin' ny synagoga sy eo an-joron-dàlana hahitan' ny olona azy. Lazaiko aminareo marina tokoa fa efa azony ny valim-pitiany. Fa hianao kosa, raha mivavaka, dia midìra ao amin' ny efi-tranonao, ka rehefa voarindrinao ny varavaranao, dia mivavaha amin' ny Rainao, Izay ao amin' ny mangingina; ary ny Rainao, Izay mahita ao amin' ny mangingina no hamaly anao. Ary raha mivavaka hianareo, dia aza mba manao teny maro foana tahaka ny jentilisa; Fa ataony ho ny hamaroan' ny teniny no hihainoana azy. Koa aza manahaka azy hianareo; fa fantatry ny Rainareo izay tokony ho anareo, raha tsy mbola mangataka aminy aza hianareo.

Hira : 480 :2 Tano ny foko ry Jeso tia.

Vavaka

- Mifona ny amin'ny fahalainana sy tsy fahavarana mivavaka
- Mangataka mba hampianarin'ny Tompo hivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana fa tsy amin'ny fombafomba ka tsy ho fisehosehoana ny vavaka fa tena toe-po sy fanahy.
- Mangataka mba ho valian'ny Tompo ny vavaka rehetra ataon'ny mino sy ny Fianakaviana ary ny Fiangonana.

Vakiteny 3. Matio 6.9-15

Koa amin' izany mivavaha toy izao hianareo: Rainay Izay any an-danitra, hohamasinina anie ny anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao etỳ an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay. Ary aza mitondra anay ho amin' ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin' ny ratsy. Fa raha mamela ny fahadisoan' ny olona hianareo, dia mba hamela ny anareo kosa ny Rainareo Izay any an-danitra. Fa raha tsy mamela ny fahadisoan' ny olona hianareo, dia tsy hamela ny fahadisoanareo ny Rainareo.

Hira : 480 :3. Aoka ny foko sy ny fonao

Vavaka

- Mangataka mba hahay hampifototra ny fiainam-bavaka sy ny vavaka amin'ny fanandratana an'Andriamanitra sy ny fanajana Azy fa tsy amin'ny filan-javatra fotsiny.
- Mivavaka ho an'ny marary sy ny azom-pahoriana ary ny sahirana
- Mivavaka ho an'izao tontolo izao noho ny valan'aretina COVID 19

Vakiteny 4. Matio 6.16-18

Ary raha mifady hanina hianareo, aza mety ho tahaka ny mpihatsaravelatsihy, izay malahelo tarehy; fa mampisotisoty ny tavany izy mba ho hitan' ny olona fa mifady. Lazaiko aminareo marina tokoa fa efa azony ny valim-pitiany. Fa hianao kosa, raha mifady hanina, dia hosory ny lohanao, ary sasao ny tavanao, mba tsy ho hitan' ny olona fa mifady, fa ho hitan' ny Rainao, Izay ao amin' ny mangingina; ary ny Rainao, Izay mahita ao amin' ny mangingina, no hamaly anao.

Hira : 461 : 1 Aoka ho an'Andriamanitra

Vavaka

- Mivavaka mba hitombo amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra ny tsirairay ka hafana fo nefa tsy misehoseho.
- Vavaka malalaka

Fehiny. 1Pet.1.3-8

Efa nomen' ny herin' Andriamanitra ho antsika ny zavatra rehetra momba ny fiainana sy ny toe-panahy araka an' Andriamanitra amin' ny fahalalana Ilay niantso antsika tamin' ny voninahiny sy ny fahatsarany; ary izany no nahatanterahany amintsika ireo teny fikasana sady soa no lehibe indrindra, mba ho tonga mpiray amin' ny fomban' Andriamanitra amin' izany hianareo, rehefa afa-nandositra ny fahalotoana izay eo amin' izao tontolo izao noho ny filàna; koa noho izany dia manaova izay zotom-po rehetra kosa hianareo, ka amin' ny finoanareo dia manehoa fahatanjahan-tsaina, ary amin' ny fahatanjahan-tsainareo dia fahalalana, ary amin' ny fahalalanareo dia fahononam-po, ary amin' ny fahononam-ponareo dia faharetana, ary amin' ny faharetanareo dia toe-panahy araka an' Andriamanitra, ary amin' ny toe-panahinareo araka an' Andriamanitra dia fitiavana ny rahalahy, ary amin' ny fitiavanareo ny rahalahy dia fitiavana ny olona rehetra. Fa raha anananareo izany zavatra izany, sady anananareo betsaka, dia tsy avelan' izany ho malaina na tsy hahavokatra hianareo amin' ny fahalalana tsara an' i Jesosy Kristy Tompontsika.

Hira : 461 : 6 Misaora ny Anarany.

Tsodrano. Efes.6.23-24

Fiadanana anie ho an' ny rahalahy ary fitiavana mbamin' ny finoana avy amin' Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo. Ny fahasoavana anie ho amin' izay rehetra tia an' i Jesosy Kristy Tompontsika amin' ny fitiavana tsy mety levona. Amena.